

NY RMDM: ENDRIKA VAOVAO NY FANOHERANA ETO MADAGASIKARA

Natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny zoma faha-16 Aogositra 2019 teo tao amin'ny Carlton tetsy Anosy ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara na ny RMDM. Ny fanoherana dia arovan'ny Lalàmpanorenena ka noho izany dia vovonana ahafahan'ny mpanohitra mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny firenena izany ny RMDM. Efa voafidy ihany koa ireo birao nasionaly mandrafitra ny RMDM izay tarihiko.

Araky ny efa voalazako ombieny ombieny dia arofanina ho an'ny mpitondra ankehitriny no hijoroan'ny RMDM fa tsy rafitra entina hanonganam-panjakana akory. Eo amin'izany asa fanoherana izany dia raisinay ho tomponan'andraikitra amin'ireo fampanantenana nataony ka tsy tanteraka sy ireo fanapahan-kevitra noraisiny fa tsy nahomby, na tsy mitondra soa ho an'ny vahoaka ny mpitondra. Izany rehetra izany dia atao ao anatin'ny fametrahana ny tena demokrasia sy ny fanjakana tan-dalàna. Hijoro hatrany izahay hilaza ho ren'ny vahoaka Malagasy raha toa ka tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny fitantanana ny raharaham-panjakana. An'isany tena maha sahirana ny vahoaka manerana ny Nosy ny tsy fandriampahalemana, ny fahatapahan'ny jiro tsy misy farany, ny fijalian'ny vahoaka amin'ny famatsiana rano, sns. Tsy hitsikera fotsiny anefa izahay fa hanao ezaka ihany koa mba hanentana ny vahoaka eo amin'ny andraikitry ny antoko mpanohitra eto Madagasikara ary hitondra vaha-olàna arak'izay tandrify anay.

Tsy ekenay ihany koa ny fanitsakitsahina ny Lalàmpanorenana na ny fanaovana ambadika politika amin'ny fanaovan-dalàna ka hampiasana ny Antemierampirenena ho sehatra politika hiarovana ny tombontsoan'ireo mpitondra sy ireo mpiara-dia aminy irery. Araky ny fanadiadiana navaokan'ny fikambanana iraisam-pirenena Freedom House tamin'ny taona 2018 dia voasokajy ho isan'ny "firenena tsy mbola afaka" I Madagasikara raha nahazo isa 56/100. Anisan'ny tsaraina ao anatin'io fanadiadiana io ny zo eo amin'ny fanaovana politika.


Na dia efa eken'ny Lalàmpanorenena aza ny fanoherana ary efa misy ny Lalàna faha-2011-013 tamin'ny 9 septambra 2011 momba ny fanoherana sy ny antoko mpanohitra dia misy indray ny fikasana ataon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao mba hamerana sy hamatorana ny mpanohitra mba tsy ho afaka manao ankahalalahana ny asany amin'ny fanovana io lalàna io, izay mbola tsy nampiharina io akory. Izaon'ny fikasana izao dia midika sahadry ho fanamparam-pahefana ka atahorana ny mety hiafara amin'ny didy jadona eto amin'ny firenena.

Tsara ho marihina, ary efa fantatry ny vahoaka Malagasy manontolo, fa ireo mpitondra ireo ihany no namolavola ny Lalàmpanorenana tamin'ny taona 2010 ary koa namolavola ny Lalàna 2011-013 fony izy reo nitondra ny tetezamita tamin'izany. Mipetraka ny fanontaniana hoe tsy mety amin'izy ireo indray ve ny lalàna izay nataony sa ny olona mipetraka ho mpanohitra amin'izao fotoana izao no tsy mety aminy ka hitadiavana hevitra ny hanilihana azy? Raha izao no mitohy dia atahorana ihany koa ny hiverenan'ny fomba fitondrana jadona nandritry ny tetezamita ka nampiasana herim-pamoretana ny vahoaka izay tsy mitovy fomba fijery tamin'ireo mpitondra tamin'izany.

Tsara ihany koa ny mampatsiahy fa nilaza ny filoha ankehitriny nandritry ny “débats” na ny adi-hevitra natao tamin’ny fifidianana ho filoha farany teo fa hamela malalaka ahy hitarika ny mpanohitra raha izy no lany eo. Ankehitriny efa filoha izy ka tokony hitazona ny teny nomeny raha toa ka tena demokraty tokoa. Izaio fiakasana hanova lalàna izao araky ny efa voalazako dia efa mariky ny tsy fanajàna ny fanjakana tan-dalàna mihintsy.

Noho izany dia manao antso avo amin’ny mpitondra izahay mba hametraka ny demokrasia, hanaja ny tany tan-dalàna ka hampihatra avy hatrany ny Lalàna faha-2011-013 tsy misy fanovana, ary koa hamoaka haingana ny didy fampiharana io lalàna io. Manao antso avo ihany koa izahay mba hamelana malalaka ny mpanohitra hanao ny asa fanoherana tsy misy teritery izay harovan’ny Lalàmpanorenana. Farany dia miantso ny fikambanambe iraisam-pirenena izahay mba hanampy hatrany an’I Madagasikara amin’ny fametrahana ny tena demokrasia sy ny tany tan-dalàna ka samy handray ny andraikiny daholo ny hery velona eto amin’ny firenena.

Antananarivo, faha-16 Aogositra 2019



Marc RAVALOMANANA